


Ny Fiderana no Mampangina ny Devoly

Aoka isika hanolotra sorom-piderana mandrakariva.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ny fiderana dia fiadiana ara-panahy azontsika ampiasaina mba hampanginana ny devoly. Angamba tsy misy zava-misy manan-danja kokoa noho izany ao amin’ny Baiboly. Avy amin’ny fomba fijerin’ny fiainana Kristiana azo ampiharina, Andriamanitra dia nanome anao fomba iray hampanginana ny vavan’ny devoly. Hoy ny Salamo 8:2:

"Avy amin'ny vavan'ny ankizy madinika sy ny minono no nanorenanao hery noho ny mpandrafy Anao, mba hampanginanao ny fahavalo sy izay ta-hamaly ratsy."

Ny mpanao salamo, nilaza an’Andriamanitra, niresaka momba ny “fahavalo” amin’ny endriny maro ary “ny fahavalo sy ny mpamaly ratsy” amin’ny endriny tokana. “Ny fahavalo sy ny mpamaly ratsy” dia tsy iza fa ny devoly tenany ihany; ny “fahavalo” dia ireo fanahy ratsy izay fitaovan’i Satana hamelezana antsika. Noho i Satana sy ny fanahiny ratsy dia nanendry hery Andriamanitra, mba hampanginantsika ny devoly.

Ity andininy ity dia nataon'i Jesosy ao amin'ny filazantsaran'i Matio. Ny teny nalaina dia fanambarana ny dikan'ity andalana ity. Ao amin’io sehatra io, Jesosy dia tao amin’ny tempoly, nanasitrana ny marary, ary ny ankizy nihazakazaka nitety, sy nitaraina hoe,“Hosana ho an’ny Zanak’i Davida!” (Matio 21:15). Nahatezitra ny mpitondra fivavahana izany, ka nanao tamin’I Jesosy hoe, “Renao ve izay lazain’ireo?” Jesosy dia manome antsika izao fanambarana izao:

> “Eny. ‘Tsy mbola novakinareo va ny teny manao hoe,‘Avy amin’ny vavan’ny ankizy madinika sy ny zaza minono no nanamboaranao fiderana’?” (andininy 16)

Tamin'ny nilazan'ny mpanao salamo hoe,"Efa nanendry hery lanao," hoy i Jesosy, "Nanao tanteraka ny fiderana." Noho izany, mahazo famintinana tsotra, sy mivantana isika. Ny “hery voatendrin’ny“vahoakan’Andriamanitra amin’ny ady dia “fiderana tonga lafatra”. Nataon’Andriamanitra izay ahafahantsika mampangina ny devoly sy ny fanahiny ratsy rehetra amin’ny alalan’ny fiderana tonga lafatra. Tahaka

© 2008 - Dries Du Plessis

ny“ankizy sy zazakely,” raha hidera an’Andriamanitra tanteraka isika, dia hivoaka avy amin’ny vavantsika ny fiadiana izay mampangina ny devoly. Ary homem-boninahitra Andriamanitra.

Misaotra Anao, Tompo ô. Omeko Anao ny fiderana. Manambara aho fa amin’ny alalan’ny “fiderana tonga lafatra”, dia mampangina ny devoly aho ary manome voninahitra an’Andriamanitra. Hanatitra fanati-piderana mandrakariva aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-364-MLG
Nohavaozina farany: 31 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

